# Vavaka

Ry Trinite Masina, Ray, Zanaka sy Fanahy Masina ô,
Ianao izay nandrehitra ny afom-pitiavanao
tao am-pon'ny mpanomponao **Masera Marie Plautilla**.

Mitsaoka Anao sy misaotra Anao izahay
tamin'ny nanomezanao anay azy ho modely mamirapiratry ny fahamasinana sy sakrifisy an-kafaliana.

Ampio izahay mba hirehi-pitiavana toa azy, jiro velon'ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny namana, mba hanafaka alahelo ireo mijaly, hanasitrana ireo marary, hitory ny Vaovao Mahafaly amin'ny mahantra.

Hankaherezin'ny ohatra omeny sy ny vavaka ataony, no hitalahoanay am-panetren-tena Aminao mba hanome voninahitra eto an-tany koa ny mpanomponao mahatoky, ary mba omeo anay ny fahasoavana izay angatahinay Aminao am-panetren-tena...
Voninahitra anie .....